


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Fiainan'ny Fitsanganan-ko Velona

Aho mandresy an'i Satana amin'ny alalan'ny ran'ny Zanak'ondry sy ny tenin'ny fijoroako ho vavolombelona, ary tsy tia ny aiko hatramin'ny fahafatesana aho.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ny Levitikosy 17:11 dia milaza hoe: “Ny ain’ny nofo dia amin’ny ra.” Rehefa nandatsaka ny Rany Jesosy, dia nandatsaka ny Ainy Izy. Araka ny fahazoako azy dia, nalefa teto amin’izao rehetra izao ny ain’Andriamanitra. Ary tsy misy saina afaka mahazo ny fahafenoan'ny dikan'izany.

> "Fa hoy Jesosy taminy: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa [ny mahazava-dehibe ny lanjany]: Raha tsy mihinana ny nofon'ny Zanak'olona sy misotro ny rany hianareo, dia tsy manana fiainana ao aminareo. Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako no manana fiainana mandrakizay; ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany.'" (Jaona 6:53–54)

Tsarovy fa tsy tanteraka ny fanavotana antsika raha tsy feno amin'ny fitsanganana amin'ny maty. Hoy i Paoly ao amin’ny Filipiana 3:12 : “Tsy toy ny efa nahazo sahady aho, na efa tanteraka sahady; fa miezaka aho hihazonan’ izay nihazon'i Kristy Jesosy ahy.” “Raha mba misy hahatratrarako ny fitsanganana amin'ny maty” (andininy 11).

Misy ny olona manana mihevitra fa tsy dia zava-dehibe loatra ny tenany. Nefa Andriamanitra dia milaza fa ny tenantsika dia tena zava-dehibe — tempolin’ny Fanahy Masina izy ireo. “Fa mahatahotra sy mahatalanjona ny nanaovana azy ireo” (Salamo 139:14). Ary Andriamanitra dia tsy hamela ny tenantsika ho lo. Hanangana azy ireo amin’ny voninahitra tahaka an’i Jesosy Izy. Ny fanavotana dia ny fanatanterahana feno ny soron’i Jesosy, ary tanteraka amin’ny fitsanganana amin’ny maty izany.

Misaotra Anao, Tompo ô , noho ny amin’ny ran’ny Zanak’ondry. Tahaka an’i Paoly, dia “miezaka mafy aho... mba hahazoako ny fitsanganana amin’ny maty”. Manambara aho fa naharesy an'i Satana aho noho ny amin'ny ran'ny

© 2008 - Dries Du Plessis

Zanak'ondry sy ny teny fijoroako ho vavolombelona, ary tsy nankamamy ny aiko aho na dia ho faty aza, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-071-MLG
Nohavaozina farany: 06 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

